MAHAMASINA 4

# TOVOLAHY MATY VOADAROKA, NANGALATRA FINDAIN'IREO MPANAO "TAEKWONDO"

Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7561 Taona faha-25 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 05 may 2023

MARINA IZANY ! 7

## LOZA MANAMBANA !

RAISSA RAZAIVOLA 7

## NOHELOHIN' NY FITSARANA FITO TAONA HIASA ANTERIVOZONA



"TOURNOI INTER-MEDIAS"

## EKIPA 32 NO HANDRAY ANJARA AMIN'NY FIFANINANANA 2

LARON-TSAKAFO(SAOSY) 3

## TAFIDITRA ANATIN'NY KOLONTSAIN'NY FIKARAKARANA SAKAFO GASY

JIRAMA 8

## MISY MANGALATRA NY VY AMIN' IREO PYLÔNE

FIOMPIANA 8
FEPA ANDIANY FAHA-14

## MIVOY IREO TEKNIKA MÔDERINA

ARIVONIMAMO 4

## TAKSIBROSY NIVADIBADIKA, OLONA 2 MATY

FIKITIHANA LALAM-PIFIDIANANA 7

# TOKONY HAKANA NY HEVITRY NY HERY VELONA REHETRA, HOY NY KMF/CNOE




BAREA DE MADAGASCAR - CHAN 2023 2

# MITAKY NY ANJARA VOLANY NY MPILALAO



Telma
LÂCHE PLUS TON PHONE !
Ye'low 200
50 SMS Mo
200 Ar #322*63#
G CL 500/24-4



Barea de Madagascar

# Mitaky ny anjara volany "Prize Money" tamin'ny CHAN 2023 ny mpilalao

*"Prize Money" 500.000 $, azony tamin'ny nandrombahana medaly alimo.*

Naneho ny alahelony sy ny hatezerany tamin'ny tambajotran-tserasera " facebook " ny ankamaroan'ireo mpilalaon'ny Barea de Madagascar (Dax – Ando Rakapy – Tantely – Tsiry – Joro…), niatrika ny CHAN 2022 tany Algerie teo iny, izay nilaza fa mbola tsy nomen'ny mpitantana ny federasionina azy ireo (mpilalao – staff technique) ny anjara volany "Prize Money" 500.000 $, azony tamin'ny nandrombahana medaly alimo. Nanterin'izy ireo fa narirariran'ny FMF hatrany izy ireo tamin'ny fitakiana ny volany, izay nambara fa miandry ny taratasy avy any amin'ny CAF sy ny FIFA. Notakian'izy ireo ny taratasy avy tamin' ireo mpitantana ambony amin'ny baolina kitra aty Afrika sy iraisampirenena fa tsy azony. Tamin'ny talata teo dia nisy ny fiantsoana azy ireo teny amin'ny biraon' ny FMF Isoraka. Ny filoha sy ny mpiara-miasa taminy tao amin'ny federasionina no nihaona tamin'izy ireo. Ny fanapahan-kevitra noraisin' ny mpitantana ny FMF dia hoe atao "virement bancaire" ny vola fa tsy azo atao ny manome lelavola. Notsiahivin'ireo mpilalao ny resaka nifanaovany tamin'ny FMF, momba ny fitsinjarana an' ireo vola. Nolazaina tamin' izy ireo fa misy hanomezana ny ligim-paritra ihany koa ny "prize money". Momba an'izany indrindra dia nanambara izy ireo fa "*Mitaky ny anjara vola valinkasasaranay izahay fa tsy miditra amin'izay vola omenareo ny ligy. Tsy andraikitry ny "prize money" tamin'ny CHAN tompoko no miantoka ny ligy, izay fehezinareo federasionina (…). Medaly no nentinay nody taty an-tanindrazana. Mafy be ny sedra niainanay teny Carion. Hatramin'ny andro fety aza izahay, tsy nahita ny fianakaviana sy ny ankohonana, fa nivonona niaro ny voninahi-pirenena. Aza odiana fanina fa mitaky ny mangarahara izahay*".

**aris rafaly**

"Tournoi Inter-Medias 2023"

# Mahatratra 32 ny ekipa mandray anjara amin'ny fifaninanana

Ambohipihaonan'ny fianakaviamben'ny mpanao gazety ny kianja Barean'i Mahamasina (Annexe) rahampitso tontolon'ny andro (sabotsy 06/05/2023), hanatanterahana ny fifaninanana ara-panatanjahantena eo amin'ny taranja iraisana baolina kitra, lalaovin'ny olona fito, sy ny « basketball », iarahan'ny vehivavy sy ny lehilahy. Mahatratra 32 ny isan'ny ekipa mandray anjara amin'ity "Tournoi Inter-Medias" ity, ka 22 no hifampitana amin'ny baolina kitra ary 10 kosa ny basketball. Tontosa, omaly, teny amin'ny foiben'ny "Ordre des Journalistes de Madagascar" Ambohidahy ny antsapaka amin'ireo ekipa hiray vondrona. Tahaka izao ny momba ny antsapaka natao : - ***Baolina Kitra*** / Vondrona A : Groupe Midi 1 – Frequence Plus – UltimaMedias 1 ; Vondrona B : TV Plus – ORTM – Groupe PREY ; Vondrona C : Ilontsera – Bira Medias FC – Kolo TV ; Vondrona D : UltimaMedias 2 – MaTV – Iarivo Radio ; Vondrona E : Groupe PREY 2 – Groupe Dream In/IBC – DRCC Analamanga ; Vondrona F : RDB – Groupe Midi 2 – MBS ; Vondrona G : RVS – Real TV – Record – TNTV – ***Basketball*** / Vondrona A : Sifaka – Kolo TV – TV Plus – Groupe PREY. Hanomboka amin'ny 7 ora 30 mn tsy diso ny lalao voalohany. Ny ekipa rehetra dia niangavian'ny tomponandraikitra (OJM - JSM - JOBA) ho tonga amin' ny 7 ora maraina, hanaovana ny fitsirihina ny karatra maha mpiasa.

**aris rafaly**

Surf - Kaonfederasiona Afrikanina

# Voafidy ho filoha lefitra Roger Faustinato



**Ny filohan'ny Federasiona Malagasy miaraka amin'ny filohan'ny Kaonfederasiona Afrikanina.**

Lany ho filoha lefitra eo anivon'ny Kaonfederasiona Afrikanina ny Surf, ny filohan' ny federasiona Malagasy, Roger Faustinato. Io no anisan'ny vaovao lehibe ho an'ny tontolon'ny fanatanjahantena eto amintsika. Nandritra ny fivoriambe narahina fifidianana, natao tany Dakar Senegal tamin' ny 23 avrily lasa teo, no nahafantarana izany. Teratany Senegaley kosa no lany ho filoha, izay kandida tokana. Efatra moa no lany ho filoha lefitra eo anivon' ity kaonfederasiona ity. Anisan'izany ity filohan'ny federasiona malagasy ity, izay izy no voafidy ho filohan'ny kaomisiona miandraikitra ny « organisation » eo anivon'ny kaonfederasiona. Ankoatra izay, izy no filohan'ny faritra atsinanana, izany hoe ny avy any Mozambika miatsinana rehetra miaraka amin'ireo Nosy rahavavy. Betsaka ny tombony ho antsika amin'izao, hoy ity filohan'ny federasiona ity, indrindra rehefa ho avy ny fotoana hanatanterahana ny fifaninanana. Miandry io Lalaon'ny Nosy io ry zareo mpikambana. Hiankina amin'ny fomba fikarakarana izany no hahazoantsika fandraisana fifaninanana iraisam-pirenena maro. Efa fantatra fa any Toliara no handray ny JIOI amin'ity. Manana atleta 8 lahy sy 4 vavy isika amin'izany, izay efa vonona fa miandry ny fampivondronana. Mametraka olana kely ho azy ireo kosa ny fitaovana ampiasaina amin'izany, toy ny « planche », izay 4 volana na 3 volana fara-fahatarany no tonga, satria mila hizarana ny mampiasa azy. Niara-dalana tamin'ity AGE ity ilay fampiofanana ho an'ireo tanora latsaka ny 18 taona. Nanana solontena tamin'izany isika, ka nofaranana tamin'ny fifaninanana kely izany, nitsarana sy nanitsiana ireo mpiofana.

**Rabenaivo**




Lalao "Manantalenta"

# Mpifaninana 6 hiatrika lalao famaranana eny Mandrimena

*Gitara raitra miaraka amin'ny kojakoja nohafarana avy any ivelany no loka hatolotra izay voalohany amin'ity fifaninanana ity.*



Izy enin-dahy hiatrika ny lalao famaranana amin'ny "Manantalenta" karakarain'i Tojo Guitariste

Tonga amin'ny dingana farany ankehitriny ny lalao "Manantalenta", fifaninanana mitendry gitara nokarakarain'i Tojo Guitaraiste. Gitara raitra miaraka amin' ny fonony sy kojakoja miaraka aminy no loka goavana atolotra izay voalohany amin'ity andiany voalohany ity. Efa fantatra daholo ankehitriny ireo mpifaninana 6 handray anjara amin'ny fifaninana. Nambaran'i Tojo fa samy manan-talenta avokoa ny mpandray anjara rehetra. Amin'ny maha lalao azy anefa dia tsy maintsy misy ny mpandresy ka voatsongo tamin'izany i Bhøz's Gûîtårîstë, Rayas Fanambinana Rack's, Stéphano Angelli, Mampionina Fanambiniaina, Razoky Nass ary i Safidy Mampiononа. Ny 20 may no hotanterahina eny Mandrimena Andoharanofotsy, ao amin' ny "Chez Poony", ny famaranana izay hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro. Handray anjara hanafana izany ireo mpifaninana rehetra. Ankoatra azy ireo dia misy mpanakanto ihany koa ho avy eny an-toerana amin'io fotoana io ary haneho ny talentany. Raitra ihany koa ny fanamafisampeo, satria ny Be-arts Sound, izay efa matihanina sy manan-talenta amn'izany no miantoka azy.

**Mirary ny vidim-pidirana**

Ho avy hanotrona i Maharo Solofondraosolo zanak'i Dama, Iri Nah (mpihira), Hoby Naivoarivelo, Hery Herinjatovo, Antsaly Rak, Fanilo Poppin's, Jino Ramanambohitra, NyAko'stika (Ny Antra Razafimanantsoa), Willy Barrios, Andrian Sth. Mba ho fampitsinjovana dia natao takatry ny fahefamividin'ny rehetra ny vidimpidirana. Mila manao famandrihan-toerana mialoha anefa izay manam-paniriana hanatrika ity famaranana ity satria voafetra ihany ny toerana. Efa azo jerena ao anaty pejy fesibokin'i Tojo Guitariste ny mikasika izany. Ankoatra izay dia azo antoka tsara ny toerana ary misy parking ho an'ny fiara sy moto. Mivoha amin'ny 11 ora maraina ny vavahady mba hahafahan'ny tsirairay mifidy izay toerana tiany. Efa misy rahateo ny tsakitsaky sy sakafo ary zava-pisotro maro isan-karazany azo jifaina amin'io fotoana io. Fotoana iray ahafahana mihaona, mifampizara, manala azy, fa indrindra ho fanotronana ireo zandrikely tafakatra amin'ny lalao famaranana fa tena manan-talenta tokoa izy ireo.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy misy taona voafetra, na hoe zaza bodo ihany no afaka hamihina izany reny izany. Fa ilaina foanafoana ny mampahery sy manohana azy hahafahany miatrika ny olana rehetra lalovany."

**Ny Vetso (17. 09. 15)**

("No matter how old you get. Sometimes you still just need a hug from mom to make everything better.")

Laron-tsakafo (saosy)

# Tafiditra anatin'ny kolontsain'ny fikarakarana sakafo gasy



Sakafo aziatika fa efa tafiditra anatin'ny andavanandron'ny Malagasy.

Tafiditra anatin'ny zavakanto ny fomba fikarakarana sakafo, na "art culinaire". Nanana ny fomba fahandro mampiavaka azy isika malagasy hatramin'izay, ary mbola voatazona ireny hatramin'izao, saingy miha mivoatra hatrany izany. Tsy ny sakafo any amin'ny hotely fisakafoanana mahazatra ihany, fa hatrany an-tokantrano mihitsy aza. Anisan'izany ny fampiasana ireo karazan-tsaosy na laron-tsakafo eoropeana, toy ny « mayonnaise », ny « moutarde ». Fa efa mahazo vahana ihany koa ireo karazan-tsaosy aziatika. Ny saosy soja sy ny saosy huitre no tena be mpampiasa hatrany an-tokantrano.

Araka ny fanazavan'Atoa Andriambolamanana Natanaela, tomponandraikitra amin'ny trano fisakafoanana iray etsy Ambodivona dia "*raha efa maherin'ny 2000 taona ny saosy soja, dia tany amin'ny taona 1888 kosa no namoronan'ny Sinoa iray ny saosy huitre*". Raha ny lasopy no nahazatra ny maro dia azo ihinanana ireo sakafo tsaingoka samihafa, toy ny nem, sambosa ny saosy soja, araka ny fanazavany. "*Misy karazany roa amin'ny ankapobeny ny saosy soja dia ilay hoe "Dark" izay miloko mainty ho an'ireo mitady loko, ary ny "Light" kosa ho an'ny tsiro*", hoy izy.

Ankoatra ireo saosy ireo, manomboka maharesy lahatra ny Malagasy ihany koa ny fampiasana saosy aziatika amin'ny nahandro hafa. Ao anatin'izany ny saosy natokana ho an'ireo sakafo hatono, toy ny hena, ny akoho, ny hazandranomasina. Toy izany koa ny saosy natokana ho an'ny Pizza. "*Anisan'ireo vokatra vaovao tonga eto amintsika amin'ireo karazan-tsaosy ireny no Oshii Wan*", hoy ihany izy.

**Fy**

Fiaraha-miasa

# Vonona hifanome tanana amin'i Madagasikara hatrany i Inde

Notsindrin'ny praiministra indiana nandritra ny fandraisam-pitenenana mivantana nataony tamin'ny alahady teo, tao anatin'ilay fandaharana "Mann ki baat", fa vonona hatrany ny firenena Inde hifanome tanana amin'ny firenena rehetra na eo amin'ny sehatry inona izany na sehatra inona. Nohamafisin'ny masoivohon'i Inde eto amintsika moa izany ary nambarany fa anisan'ny firenena iray efa mifanerasera betsaka amin'i Inde raha i Madagasikara, ka amin'izao dia mbola manamafy hatrany izay fahavononana ny mbola hiara-kiasa amintsika izay hatrany koa izy ireo. Nalefa mivantana ho ren'ny rehetra moa ny fandaharana "mann ki baat", fandaharana amin' ny onjam-peo any Inde izy io natokan'ny praiministra hifampiresahana amin'ny Indiana rehetra maneran-tany sy ho an'ireo sakaizan'i Inde. Isam-bolana izy no manao io fandaharana io ka efa tafiditra amin'ny andiany fahazato izany ka izay indrindra no nanaovana azy mivantana. Ny hoe "mann ki baat" moa dia midika hoe teny avy amin'ny fo, izany hoe mifanakalo hevitra, manontany vaovao ary dia manakaiky ny olona mihitsy ny praiministra ao anatin' izany. Mifampiresaka amin' ny antso an-tariby amin'ireo Indiana izy ao anatin'izany. Ankoatra ny fiaraha-miasa amin'ny firenena hafa dia nohamafisiny hatrany ny fampihavanana, novoiziny ny resaka fitiavana, nomeny lanja ihany koa ny fianakaviana, anisan'ny voaresany koa ny fampananana asa ho an'ny vehivavy mba hampahaleo tena azy amin'ny lafiny rehetra. Notsindriny ihany koa ny maha zavadehibe ny fiarovana ny tontolo iainana, ary dia nasiany teny manokana ny tontolon'ny fanabeazana.

**Tanya R**

"Tamihako" 5 taona - Fifaninanana Kabary

# Hifarana rahampitso sabotsy ny fandraisana horonantsary

Fikambanana iray tsy mitady tombotsoa ho azy ny Tamihako, na ny Tanora Miahy Ny Hasina sy ny Kolontsaina izay niorina tamin'ny taona 2018. Feno dimy taona izy ankehitriny ka mikarakara hetsika maro ary tafiditra ao anatin'izany ny fifaninanana kabary antambajotran-tserasera fesiboky. Mbola manana izany andro hanomanana izany izay mbola manam-paniriana handray anjara, satria rahapitso asabotsy izao ny fara-fandraisana azy ireo. Araka ny fanazavana dia alefa hafatra miafina anatin' ny pejein'ny Tamihako ny horon-tsary miraikitra ny kabaran'ilay mpifaninana, izay mivoy ny lohahevitra boe "Fitiavan-tanindrazana". Mpandresy roa no havoaka mandritra ny fifanninana ka ny iray dia ny mpanaraka ny pejy fesibokin'ny Tamihako no hamoaka azy. Ny faharoa kosa dia ny fikambanana no hamoaka azy. Halefa ao amin'ny pejy mandritra ny 10 andro ny horonantsary ka mandritra izay no hahafahan'ny mpanaraka mifidy izay maharesy lahatra azy ka izay be mpifidy no hivoaka ho mpandresy.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia… Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-13)

* Lamba, kiraro, debara, tel, vy, boky, kilalao, fanaka, poketra. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 533/13-9)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 542/20-6)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc… Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 528/10-9)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 528/10-9)

### A LOUER

* Trano ahofa, Andoharanofotsy : 1ch ambony, 2ch ambany, wc, dch, sécurité. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 541/7-6)

### COURS

* Cours coiffure complet, tsisy écolage, afaka misafidy fotoana hianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 539/15-7)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique Makiplast, puisard, wc gasy, wc perdu. Tél : 034.20.084.25 / 033.21.723.00. (G-BA 535/15-9)

* Service vidange, fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.22.595.81 / 034.47.024.33. (G-BA 543/20-5)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 545/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 545/6-1)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 545/6-1)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79 (G-BA 537/10-9)

Mahamasina

# Tovolahy maty voadaroka, nangalatra findain' ireo mpanao "Taekwondo"

*Notazomina mahakasika ity raharaha ity ireo tomponandraikitra klioba "taekwondo" sy ny ray aman-drenin' ireo mpianatra ary ny mpamily ny fiara.*

Namoy ny ainy ilay tovolahy tratra nangalatra tetsy Mahamasina ny alahady lasa teo. Nodarohin'ny olona izy io rehefa avy nanao izany asa ratsy izany tamin' ireo mpanao "taekwondo" nanao fifaninanana tao Mahamasina. Ireto mpikatroka haiady ireto ihany no naka azy sy nitondra azy taorian'ilay fitsaram-bahoaka. Maty anefa ilay tovolahy nony maraina ny andro. Izany hoe tany Manjakandriana ny razana no nalain' ny havany. Raha zohina ny tranga dia voalaza fa nanao sinto-mahery ny findain'ny mpianatra iray amin'ireto mpanao haiady ireto ilay tovolahy. Klioba "Taekwondo" any Manjakandriana moa ireto farany saingy tonga nanao fifaninana tetsy Mahamasina. Nifanenjehin'ny fokonolona izy ary niharan' ny vono sy daroka.

**Hopitaly**

Natahotra ny ain'ilay olona ireto mpikatroka haiady ka naka azy ary nampiditra azy tao anatin'ny fiara. Nentin' izy ireo nankany Manjakandriana ilay olona naratra nony avy eo. Vantany vao tonga tao Manjakandriana izy ireo dia nanatitra ilay maratra teny amin'ny hopitaly Manjakandriana. Maty ilay olona rehefa maraina ny andro ary voamarin'ny zandary sy ny mpitsabo fa noho ny vono sy ratra nahazo azy no nahatonga ilay fahavoazana. Nalain'ny fianakaviany moa ny razana. Mitohy kosa ny fanadihadiana ka notazomina mahakasika ity raharaha ity ireo tomponandraikitra klioba "taekwondo" sy ny ray aman-drenin'ireo mpianatra ary ny mpamily ny fiara. Ny polisim-pirenena Manjakandriana no mandray antanana ny famotorana.

**Ariel D.**

Anosibe

# Ankizilahy voatsatoka antsy teo amin'ny tarehiny

Ankizilahy iray no nisy nanindrona antsy teo amin'ny tarehiny teny Anosibe, ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 6 ora hariva. Roa lahy mpinamana izy ireo no niaraka tamin'io fotoana io. Vao nivoaka kely ny tranony teo amin'ny arabe izy ireo no nifanehatra tamin'ny dimy lahy nitondra antsy. Tsy fantatra izay tena antony fa dia tsy nisalasala izy dimy nanindrona antsy an'ity ankizilahy iray ity ka nandratra mafy azy. Nijininika izay tsy izy ny rà tamin'io. Tsy lavitra ny tranony no nisehoan'ilay tsindrona antsy ary vantany vao niseho ny loza dia nisy nampandre tany an-tranony ny ray aman-drenin'ilay niharam-boina. Nivoaka namonjy ilay naratra izy ireo ary nitondra azy notsaboina tany amin'ny hopitaly. Voatery nijanona nanaraka fitsaboana teny izy ary teny no nesorina ilay antsy nitsatoka teo amin'ny tarehiny, ka afakomaly antoandro izy no nivoaka ny hopitaly. Araka ny fanazavan'ny fianakaviany dia nandeha nikarama io ankizy io tamin'io andro talata io. Nody tao an-tranony izy ny hariva ary toy ny fanaony dia nivoaka kely taorian' izay, kanefa tamin'ity indray mitoraka ity dia izao niharan'ny tsindrona antsy izao. Araka ny fanazavana hatrany dia tsy olona avy eny Anosibe ireo namely azy ary ny iray tamin'ireo andian-dehilahy ireo no voalaza fa tadidiny endrika. Very ny vola karaman'izy roa lahy indray andro sy findainy. Efa mandeha ny famotorana.

**T.H**

Toamasina

# Ankizivavy mpianatra namono tena nisotro asidra

Hatairana ny an'ny olona tamin'ny fahitana ity ankizivavy iray nitsirara teo amin' ny tora-pasika tao Toamasina omaly maraina. Nahitana tavoahangin'asidra teny an-tanany. Vetivety dia niely ny vaovao ka nirohotra nijery sy namantatra ny zava-nitranga ny mponina teo amin'ny manodidina. Nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Raha ny fanazavana azo dia tombanana ho namono tena nisotro asidra ity ankizivavy ity, izay tokony ho efatra aminifolo taona eo. Mbola hita teo akaikiny ihany koa ny kitapony ka rehefa nozahana ny tao anatiny dia fantatra ny anarany sy ny sekoly ianarany. Nampandrenesina avy hatrany ny havany, satria avy eo amin'ny manodidina ihany izy. Mbola tsy fantatra mazava kosa ny tena antony nahatonga azy hamoy fo toy izao na resapitiavana na zavatra hafa mihitsy. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana. Raha ny fanazavana hatrany dia tena mahazo vahana ihany koa amin'izao fotoana izao ny fidorohana sy fitsindromana zava-mahadomelina ao Toamasina renivohitra. Maro amin'ireo tanora no voasarika amin'izany ary miandahy miambavy mihitsy. Efa manao izay ho afany amin'ny famongorana ity zava-mahadomelina ity ny mpitandro filaminana ka maro no efa voasambotra sy notanana any am-ponja.

**R. C**

Ambilobe

# 2 lahy nahatrarana vola sandoka 3 110 000 Ar

Ankizy 15 taona no tratra saika hanaparitaka vola sandoka. Vola sandoka mitentina 3 110 000 ariary saika haparitaka no sarona teny amin'ireo roa lahy tany amin'ny toerana antsoina hoe Amoronala, any amin' ny distrikan'Ambilobe, afakomaly. Nahazo loharanombaovao ny polisy mikasika ny fisian'ny roa lahy manaparitaka vola sandoka. Nandray ny andraikiny avy hatrany ireo mpitandro filaminana raha vao naheno izany. Nisy ny vela-pandrika nataon'izy ireo ka sarona tokoa ireo roa lahy 15 taona sy 27 taona. Rehefa nosavaina izy ireo dia nahitana vola sandoka ravim-bola 20 000 ariary maherin'ny telo tapitrisa ariary io tany amin'izy ireo. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ireto roa lahy voasambotra ireto. Natao famotorana izy ireo ka nandritra izany no nahalalana fa nalain'izy roa lahy tany Sambava ireo vola sandoka ireo ary nokasainy haparitaka any Ambanja, ka dia izao sarona izao. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Arivonimamo

# Taksibrosy nivadibadika, olona 2 maty tsy tra-drano



Nivadika ambony ambany ilay taksibrosy.

Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana nahafatesana olona teo amin'ny lalam-pirenena voalohany (RN1 PK 42+700), fokontany Maharefo, kaomina sy distrikan'Arivonimamo, ny alarobia teo tokony tamin'ny 5 ora sy sasany hariva. Taksibrosy avy aty Antananarivo hihazo an'Arivonimamo ilay tra-doza. Olona roa no namoy ny ainy vokatr'izany, rangahy iray sahabo ho 69 taona sy ramatoa iray, izay samy mponina ao amin'io tanàna Maharefo io avokoa. Telo hafa no naratra mafy dia lehilahy iray 51 taona sy vehivavy roa (28 sy 29 taona). Nahitana fahasimbana goavana ihany koa ilay fiara taksibrosy taorian'ilay fahavoazana. Rehefa nataon'ny mpitandro ny filaminana ny fanadihadiana sy ny fizahana teny ifotony ny loza dia voalaza fa noho ny vesatry ny entana be loatra no nahatonga ity tranga ity. Nihilana io fiara io teny am-pandehanana ka tafavoaka ny lalana tokony nalehany. Taorian'izany dia nivadibadika rehefa avy nandona mpandeha an-tongotra teny amin'ny sisin-dalana. Mbola fijery vonjimaika ny zava-misy ihany anefa izany fa andrasana ny fizotran'ny fanadihadiana lalina. Ny polisimpirenena no manohy ny famotorana. Efa nahazo fitsaboana sahaza azy avokoa ireo naratra ireo ka ny hopitaly "CHRD" Arivonimamo no mandray an-tanana azy. Ny namoy ny ainy koa voatery napetraka ao amin'ny tranom-paty miandry ny fikarakarana rehetra tokony hatao.

**Ariel D.**

**Tribunal de Première Instance d'Antsirabe**
**Jugement Civil N° 605 du 08 juin 2022**
Nature : Prescription acquisitive
RASOARIMANGA Jeannette
contre
GALLOIS Roger Pierre René, GALLOIS Marie Germaine, NELLY ROSA Andréa Théry
Dossier N° 847/RG/21/LT
Siégeait Mr ANDRIANJAKAMANANA Haja, Juge près du Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, **PRESIDENT**, assisté de Me RAKOTOMANGA Harinirina Finaritra, **Greffier** tenant la plume
**Audience publique du Mercredi 8 Juin 2022**
A l'audience publique du mercredi 8 juin 2022, tenue par le Tribunal de Première Instance d'Antsirabe, statuant en matière civile et en premier ressort, en la salle ordinaire de ses audiences;
A été rendu le jugement suivant ENTRE **RASOARIMANGA Jeannette**, demeurant au Lot 0910.C Mahafaly Vatofotsy Antsirabe I, **REQUERANTE**, comparant et concluant, d'une part, ET DE **GALLOIS Roger Pierre, GALLOIS Marie Germaine, NELLY ROSA Andréa Théry**, tous sans adresse connue, **REQUIS**, non comparant et non concluant, d'autre part;
PAR CES MOTIFS
Statuant publiquement, contradictoirement à l'égard de la requérante, en matière civile et en premier ressort; Répute le présent jugement contradictoire à l'égard des requis; Vidant le jugement avant dire droit n° 206-ADD du 09 mars 2022,
**Déclare la demande fondée,** et y faisant droit,
**Dit et juge que la parcelle de 05a 66ca de la propriété dite «SAINT JODARD» TN°980-P, sise près d'Ambalavao Commune Urbaine, est acquise par RASOARIMANGA Jeannette par la voie de la prescription acquisitive avec toutes lers conséquences de droit,**
Annexe au présent jugement ledit plan,
Ordonne l'inscription de ses droits sur les livres fonciers après accomplissement de toutes les formalités administratives,
Laisse les frais de l'instance à la charge de la requérante.
Ainsi jugé et prononcé en audience publique civile tenue les, jour, mois et an que dessus
Et la minute du présent jugement a été signée par le Président et le Greffier
SUIVENT LES SIGNATURES
G-CL 507

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Be vovoka**




## Masoandro miposaka

**Eksodosy 35 : 34**

**34 Ary ny fahaizana hampianatra koa dia efa nataon' Andriamanitra tao am-pony, dia izy sy Oholiaba, zanak'i Ahisamaka avy amin'ny firenen'i Dana.**

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

**Very**








Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Omby maty zanaka, ka izay ahafatesany itomaniany azy.**

Une vache dont le veau a péri : là où il a péri là elle le pleure.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2942

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 1 | | | | | | 7 | |
| | | | | 5 | 8 | | 9 | |
| 8 | | | 2 | | | 6 | | |
| | | 3 | | | | 9 | | 1 |
| | | | | 9 | | | 5 | 7 |
| | | | 1 | | 4 | | | |
| | | | 6 | | | | | |
| | 4 | | | 1 | 2 | | | |
| | 8 | 6 | | | | | | |

Valin'ny laharana 2941

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 3 | 4 | 9 | 2 | 5 | 8 | 7 | 1 |
| 2 | 7 | 8 | 1 | 4 | 3 | 5 | 6 | 9 |
| 9 | 1 | 5 | 7 | 8 | 6 | 3 | 4 | 2 |
| 8 | 2 | 6 | 5 | 7 | 1 | 4 | 9 | 3 |
| 7 | 9 | 3 | 2 | 6 | 4 | 1 | 8 | 5 |
| 5 | 4 | 1 | 8 | 3 | 9 | 7 | 2 | 6 |
| 3 | 8 | 9 | 4 | 5 | 2 | 6 | 1 | 7 |
| 1 | 6 | 7 | 3 | 9 | 8 | 2 | 5 | 4 |
| 4 | 5 | 2 | 6 | 1 | 7 | 9 | 3 | 8 |

Fikitihana lalàm-pifidianana

# “Tokony hakana ny hevitry ny hery velona rehetra”, hoy ny KMF/CNOE

*Porofon'ny tsy fisian'ny finiavana politika eto Madagasikara.*

Tsy niandry ela ny fanehoan-kevitra nataon'ny KMF/CNOE manoloana ny lahadinika nambaran-dRtoa Christine Razanamahasoa, Filohan'ny Antenimierampirenena, amin'ny tokony hatao vaindohan-draharaha eny anivon'ny Andrimpanjakana mpanao lalàna mandritra izao fotoam-pivoriana ara-potoana izao. Raha tsiahivina dia tsy tafiditra tao anatin'izany ny mety ho fikitihana ny lalàna 2018-008, izay mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevibahoaka eto Madagasikara. Ity farany izay efa nanaovan'ny herivelona rehetra, indrindra ny eo anivon'ny fianakaviamben'ny mpanohitra sy ny firaisamonim-pirenena, antso avo mba hanaovana laharam-pahamehana ny fandinihana izany. Dia tsy nihambahamba io fikambanana misehatra amin'ny fanabeazana ho olom-pirenena vanona io raha nilaza tamin' izany fa porofon'ny tsy fisian'ny finiavana politika eto Madagasikara izao mbola tsy fampidirana ny fikitihana ny lalam-pifidianana anatin'ny lahadiniky ny fivoriana izao.

**Lesoka**

“*Midika izao zava-misy ankehitriny izao fa hiverina sy hiampy ireo lesoka tsikaritra ka nanolorana sosokevitra nandritra ny fikarakarana ny fifidianana farany teto Madagasikara. Porofo ihany koa izany fa tsy vonona hisokatra sy hifampihaino ny ampahana mpanao politika malagasy fa samy mijery ny tombontsoany manokana. Na izany na tsy izany, tsy manaiky ny fikitihana io lalam-pifidianana io izahay raha hifototra amin'ny hevitr'olontokana na ankolafy na firehana manokana izy ireo. Rehefa tsy sahy na tsy te hihaino ny hevitry ny olompirenena dia aleo kokoa mampihatra izay misy eo*”, hoy ny KMF/CNOE tamin' izany.

**Demokrasia**

Manaraka izany, tsy nohadinoin'ity fikambanana ity ihany koa ny niarahaba ny mpisehatra amin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety noho ny andron'ny 03 may teo. “*Fototra mahamafy orina ny demokrasia sy ny fampandraisana andraikitry ny olom-pirenena ary ny fampandrosoana azo antoka ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety. Ambonin'izany, antoky ny firindran'ny raharaham-pifidianana ihany koa ny fahalalahanareo, koa miara-sarotony aminareo amin'izany ny fikambanana*”, hoy ny Birao Nasionaly tamin'izany.

**Mamy R.**

Raissa Razaivola

# Nohelohin'ny fitsarana fito taona hiasa an-terivozona

Omaly no niakatra fitsarana, tetsy amin'ny tribonaly Anosy i Raissa Razaivola. Tsiahivina fa vesatra niampangana azy ny fikasana hamono olona. Araka ny nitranga teny amin'ny fitsarana dia tsy nisy tonga niatrika ny mpitsara ireo vavolombelona telo avy amin'ny mpitory izay tsiahivina fa efa nanatsoaka ny fitoriana. Vokany, ny fampanoàvana no misolo tena ny fampanoavana manenjika an'i Raissa Razaivola. Taorian'ny nivoahan'ny didimpitsarana dia nampiaka-peo Razaivola Raissa, teny amin'ny fitsarana, nilaza fa « rehefa tsy nety nanonona ny anaran'i Fanirisoa ny tenako dia nomena sazy mavesatra. Ny mpanao afera maizina tany am-ponja anefa navoaka daholo. Tsy hanonona an'i Fanirisoa Ernaivo hatramin'ny farany ny tenako na inon-kidona na inon-kihatra », hoy i Razaivola Raissa, rehefa nivoaka ny efitrano fitsarana. Marihina fa niezaka nanakana an'i Raïssa Razaivola tsy haneho hevitra ny mpandraharahan'ny fonja, iraka manokana teny amin'ny fitsarana, saingy tsy nahatazona io renim-pianakaviana io. Ny mpanao gazety sy ny fianakaviany ary ny ankamaroan'ireo nanatrika ny fitsarana kosa samy nilaza fa avelao i Raissa Razaivola hiteny. Andrasana izany raha hampiakatra ny raharaha eny amin' ny fitsarana ambaratonga faharoa na hionona amin'ny didy navoakan'ny ambaratonga voalohany ny mpisolovava ny voampanga. **V.R.**

Hajo Andrianainarivelo - Fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety

# “Iankinan'ny fahalavorarian'ny fifidianana”

Mpanao politika nandray anjara tamin'ny adihevitra nokarakarain'ny “Transparency International” nandritra ny fanamarihana ny andro maneran-tany ho an'ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety Atoa Hajo Andrianainarivelo. Nambarany nandritra izany fa iankinan'ny fahalavorarian'ny fanatontosana ny fifidianana eto amin'ny firenena ny asa fanaovan-gazety. “*Tsy malalaka amin'ny fahazoana loharanom-baovao avy eo anivon'ny CENI ny mpanao gazety* », hoy izy tetsy Antaninarenina. Nohamafisiny fa mila hajaina ny lalàna rehetra, ary manandanja manokana amin'izany ny lalàna mifehy ny asa fanaovan-gazety. “*Apetraho ny ARCM (Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée) fa antoka lehibe io hikarakarana fifidianana madio sy fiarovana ny zon'ny kandidà tsirairay*”, hoy ihany ny Filohan'ny antoko MMM.

**JUDD**



**Ny Filohan'ny antoko MMM nilaza ny heviny tetsy Antaninarenina.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo “Petites annonces” izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny “Petites annonces”.

*“Izay tonga aloha tompon-tanindrazana.”*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Marina izany !

### Loza manambana !

**Voizin'ny mpanao pôlitika matetika tato ho ato ny fiaviana, anamarinana fa tsy mirindra ny fomba entina mampandroso ny faritra eto amintsika. Izany hoe mahatsiaro ho tratra aoriana ny faritany hafa, miohatra amin'ny sasany noho ny fanapahan-kevitra sy ny fahefana mivangongo eto andrenivohitra. Mety hitombina ny fanehoan-kevitra sy ny tohan-kevitra, miainga amin'ny zava-misy iainan'ny firenena ankehitriny. Na izany na tsy izany, tokony samy hiaiky ny olom-pirenena tsirairay fa mila fitandremana ny firesahana fiaviana, amin'izao ankatoky ny fifidianana izao, indrindra mafanafana ny toe-draharaha pôlitika. Ny dikany, tokony samy hitandrina na ny manam-pahefana sy ny tompon'andraikitra isan-tokony, andaniny tsy handray fanapahan-kevitra tsy voadinika na hanome baiko tafahoatra ka mety hamoha ny hambom-po sy ny firaisankinan'ny mpiray fiaviana. Ankilany, tokony hitandrina ihany koa ny mpanao pôlitika amin'ny fomba fiteny sy ny fanehoan-kevitra, ahatarafana fanindrahindrana fiaviana. Tsiahivina fa noezahina noresahina hatrany ny resaka firazanana, nandritra ny fitondrana nifandimby, indrindra amin'ny fotoana nampafanafana ny pôlitika, saingy hatreto aloha mbola tsy nahomby ny tetika nokasaina hampizarazara ny Malagasy. Tsy maintsy ambara kosa anefa fa tsy mitovy amin'ny zava-nisy tany aloha ny trangan-javatra amin'izao taon-jato iainantsika izao, raha tsy hiresaka afa-tsy ny rivotra mitsoka tsy hay tohaina avy any ivelany, miteraka ady an-trano sy fisaraham-bazana. Eo ihany koa ny olana anatiny iainana. Antony isarihana ny sain'ny olom-pirenena fa loza mitatao ny fanindrahindrana fiaviana, na inona na inona mety ho antony. Noho izany, mila fitandremana !**

Voahangy Rakotozafy

Antoko Tiako i Madagasikara

# Hanatanteraka kongresim-paritra any Toamasina, rahampitso

Mitohy hatrany ny fanetsiketsehan'ny antoko TIM ny fototra sy ny fanentanana ny olom-pirenena mitovy hevitra amin'izy ireo hanatevin-daharana ny antoko. Araka ny fanasana naparitaky ny birao pôlitikan'ny antoko TIM dia rahampitso, manomboka amin'ny 9 ora maraina no hotanterahina ao amin'ny magro Tanambao (Toamasina) ny kongresimparitry ny TIM any amin'ny faritra Atsinanana. Fivoriana anentanan'ny mpanomana ireo olom-pirenena mitovy hevitra amin'ny Filoha teo aloha, Marc Ravalomanana, mba ho tonga maro. Araka ny loharanom-baovao akaiky ny TIM dia ho avy any Toamasina, hanatrika io kongresy io i Marc Ravalomanana.

**V.R.**





Jirama

# Misy mangalatra ny vy amin'ireo pylône

*Mamono mahafaty mihitsy raha milatsaka amin'ny tany na amin' ny trano ireo tariby mitarika herinaratra mahery vaika.*

Vy 126 isa mandrafitra ny pylône laharana 46 eny Antanandrano no misy mangalatra. Mitondra herinaratra mahery vaika 138 Kv mampitohy ny PIA Ambohimanambola sy Tana Avaratra anefa ireo pylône ireo. Ahiana hitera-doza, satria raha tsy hita ara-potoana dia mety hianjera. Olontsotra sendra nandalo teny no nampilaza ny tomponandraikitra ary nisy fidinana ifotony nataon'ny teknisianina. Nambaran'ny serasera eo anivon'ny jirama fa efa mikarakara ny vy hasolo ireo very ireo ny teknisianina, satria tena mampidi-doza ny zavamisy. Mamono mahafaty mihitsy mantsy raha milatsaka amin'ny tany na amin'ny trano ireo tariby mitarika herinaratra mahery vaika. Lasa miroborobo be eny anelakelan-trano eny ny fividianana vy jifaina 250 ar hatramin'ny 500Ar ny kilao.


**Toy izao ny fahavoazana hita tamin'ilay pylône eny Antanandrano.**

Efa tambajotra lehibe tokoa izy ireo, satria misy orinasa vaventy mividy ireny karazam-by tsy ampiasaina ireny intsony, arendrika ary averina ho toy ny vy vaovao azo ampiasaina indray. Ny vahoaka rahateo anatin'ny fahasahiranana ary sarotra ho an'ny be sy ny maro ny mahita izany 500Ar izany ka mahatonga azy ireo maka ny tsy an'ny tenany. Tsy mieritreritra akory izay loza mitatao ateraky ny fihetsiny ka tokony hisy fepetra manokana raisina mba tsy hitaran'ny olana.

**Nath**

Aretina mamany lava

# Vehivavy 4 000 isan-taona no voany eto

Araka ny fanadihadiana nataon'ny UNFPA sy ireo mpiara-miasa aminy dia vehivavy 4 000 isan-taona no voan'ny aretina mamany lava eto amintsika. Manodidina ny 1 000 eo ihany anefa no mandalo fandidiana. Nanomboka tamin'ny 2010, araka ny fanazavan'ny Pr Rantomalala Yoel, iray amin'ireo profesora mpandidy, dia 50 000 eo ny vehivavy hita fa mitondra io aretina mamany lava io manerana ny Nosy. Misy tobim-pahasalamana na hopitaly lehibe 13 kosa afaka mandray an-tanana ireo marary ireo. Ny antony mahatonga azy io indray, rehefa ela loatra ny fihetsehan'ny zaza ary mijanona maharitra ao ny lohan'ilay zaza dia tataka sy mitambatra ny taova fanaovana maloton'ilay vehivavy. Vokany, tsy mahatazona fivalananan-drano intsony ka lasa mamany lava ilay vehivavy. Ilay zaza kosa matetika tsy avotra ary ilay vehivavy voahilikiliky ny fiarahamonina noho ny fofona. Fantatra ihany koa fa betsaka ireo zatovovavy tratran'ity aretina mamany lava ity, fa 12 taona kosa no zandriny indrindra hita. Nambaran'ny Pr Rantomalala fa anisan'ny toerana ahitana betsaka ity aretina mamany lava ity ny any Atsimo Andrefana, Anosy, indrindra ny any Atsimo atsinanana, satroa fohy sy kely ny vehivavy any antoerana. Tamin'ny taona 2022 dia nisy 1072 ireo vehivavy nandalo fandidiana rehefa tratran'ity aretina mamany lava ity, misy ihany ireo tranga misy fahasarotana ka mahatonga ny fandidiana tsy nahomby hatrany amin'ny 60%.
Hotanterahina ny 8 hatramin'ny 18 may 2023 izao etsy amin'ny "Pavillon Ste Fleur" ny hetsika fandidiana ireo vehivavy tratran'ny aretina mamany lava. Vehivavy 25 no andrasana ho tonga hiatrika izany fandidiana izany ary avy any amin'ny faritra 5, dia Analamanga, Vatovavy, Fitovinany, Vakinankaratra ary Bongolava, izy ireo. Fiarahamiasan'ny ministeran'ny fahasalamana sy ny UNFPA, Royaume de la Norvege, Ordre de Malte ary Operation Fistula no ahafahana manao izany. Iandraiketana ny momba ilay marary, sakafo sy saran-dalana mandritra ny 15 andro sy ny fampodiana azy ho an'ireo izay monina any amin'ny faritra. Voalazan'ny Talen'ny "Pavillon Ste Fleur", Philippe de Lepinau, fa misy mpandidy roa teratany vahiny nohafarana ho tonga eto hanampy ireo mpitsabo mpandidy Malagasy.

**Nath**

Sesam andiany fahatelo

# Raikitra ny hetsika, tonga eto koa Toamasina sy Antsirabe

Hosokafana amin'ny fomba ofisialy izao maraina izao, etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina, ilay hetsika SESAM(Sport Extrême et Salon des Arts Martiaux) andiany fahatelo. Nambaran-dRatsimiseta Tsiry avy ao amin'ny SEHO mpikarakara, fa efa vonona avokoa ireo Dojo rehetra mpandray anjara, ahitana ny Aikido, Karate, Taichu, Ninjutsu, Kung-fu, Jun Fan Jeet Kune Do, Hartema, Taekwondo, Kuk Sool, Self Defense, Jiu Jutsu, Mma, Wing Chun. Ho hita mandritra ny telo andro eny an-toerana ny fampirantiana ny "arts martiaux, sports extremes" sy challenge ho an'ny "public". Tanjon'ny mpikarakara ny hitaiza ny tanora tsy hirona amin'ny zava-mahadomelina, ary mba hanana discipline ao anatin'ny "arts martiaux" "extremes". Nambaran'i Tsiry, taorian'ny andiany voalohany sy faharoa fa efa hita ny lesoka. Ezahana ho tsara araka izay tratra ny amin'ity . Hampiavaka izany ny fisian'ny "démonstration"


**Isan'ny ho hita eny an-toerana mandritra ny hetsika ny toy izao.**

iraisan'ny "arts martiaux" sy ny "Sports extremes", ankoatra ny ataon'izy ireny mitokana. Ho an'ny "sports extremes" hatrany, ho tonga handray anjara amin'ilay fifaninanana "Trial, Skate, Parcours" ny avy any Toamasina sy Antsirabe. Hahazo loka goavana moa ny mpandresy amin'izany. Mirary ary natao sahaza ho an'ny rehetra ny vidimpidirana (2000 ar), ka ankoatra ny fitsidihana ireo tranoeva, dia afaka mianatra "self defense" ihany koa ny mpitsidika eny antoerana. Ankoatra izay dia hisy fitaovana ara-panatanjahantena hamidy mandritra ny hetsika, miaraka amin'ny fanentanana maro isankarazany.

**Rabenaivo**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale Jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 066 - 05 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000

### Nahandro

### Poivrons farcis

**Zavatra ilaina :** poavrao 4, vary masaka 300g, olatra 100g, akoho, lafarinina 1 sotro lehibe, dibera 1 sotro lehibe, persily 2 sotro lehibe, voanjo nopotehina 4 sotro kely, vinaigitra, divay fotsy 2 sotro lehibe, menaka 1 sotro lehibe, ranombonsary makirana, sira sy dipoavatra ary persily.

Teteho ny nofon'akoho dia asio lafarinina ary endaso amin'ny dibera kely avy eo. Tsihifo. Sasao madio ny olatra dia teteho ary endaso miaraka amin'ny tongolo be avy eo. Sasao ny poavrao dia teteho roa. Tsoahy ny voniny. Afangaroy ny legioma sy ny vary ary ny hena sy ny kojakoja samihafa dia asio sira sy dipoavatra ary ranom-boasary makirana. Asisio anaty poavrao avy eo dia endaso kely. Arosoy mafana.

FEPA andiany faha-14

# Mivoy ireo teknika môderina ho an'ny fiompiana


**Nahasarika olona maro ny momba ny fiompiana akoho. (Sary : Kelly R.)**

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy, omaly teny amin'ny MPE (Malagasy Professionnels de l'Elevage) Nanisana, ny FEPA (Foire de l'Elevage et de la Production Animale), andiany faha-14. *« Ny tanjonay dia hanaparitaka ireo teknika moderina mba hahafahana mitondra fampandrosoana ho an'ny seha-pihariana fiompiana, indrindra fa ny any ambanivohitra. Efa azo atao ohatra ny fampanarahana kisoa entin-tanana, ny fiompiana akoho gasy nohatsaraina amin'ny toerana mifefy, sns »*, hoy Randrianarimalala Rojo, tomponandraikitry ny serasera eo anivon'ny MPE. Tsy hifarana ny foara raha tsy amin'ny alahady ho avy izao. Misy mpampiranty 77, izay miparitaka amin'ny tranoeva 130. Ho hita mandritra ny efatra andro hanatanterahana ny hetsika ny varotra fampirantiana manodidina ny fiompiana manomboka amin'ny fikarakarana ireo biby fiompy, ny fananaganana ny tranony, ary ny vokatra azo avy aminy. Anisan'ny nahasarika olona ohatra ny fahitana ireo karazam-biby miavaka toy ny bitro lehibe « Géant de Flandre », ny akoho « Australorp » sy « Sussex » mahavita manatody 250 ao anatin'ny taona iray, sns. Misy ny famelabelaran-kevitra mahakasika lohahevitra maro, izay hotanterahina rahampitso zoma sy amin'ny sabotsy. Mpianatra avy amin'ny sekoly manodidina ny 20 koa no nasaina manokana hitsidika maimaimpoana ny foara mandritra io efatra andro io. Nasiana fihenam-bidy ny saran'ny fiofanana amin'ireo tekinika fiompiana mandritra ireo andro hanatanterahana ny foara. Misy ihany koa ny lalao fisarihana ho an'ireo tonga mitsidika izay mety hahazoana sidina mandroso sy miverina Antananarivo - Nosy Be – Antananarivo, lelavola 1 tapitrisa Ariary, ondry matavy, sns. Indroa isan-taona no manao hetsika ho an'ny fihariana eny amabanivohitra ny MPE, koa amin'ny volana oktobra ho avy izao indray no hanatanterahana ny Foaran'ny fiompiana sy ny jono ary ny fambolena.

**R. Muray**

Sakafom-biby

# Hametraka politikan'ny famatsiana akora fototra ny fanjakana

Misedra olana ny famokarana sy ny famatsiana sakafombiby fiompy. *"Raha akora fototra amin'ny sakafom-biby no resahiny dia voafehin'ny katsaka sy ny sakafam-barimbazaha. Midangana ny vidin'ny katsaka ary nametrahana tataon-ketra ny fanafarana akofam-barim-bazaha. Efa nahatratra 2 000 Ariary ka hatramin'ny 2 500 Ariary ny kilaon'ny katsaka tamin'ny herintaona. Vokany, niakatra ny vidin'ny henan'akoho sy ny atody ka niteraka fatiantoka teo amin'ny famokarana. Nisy tamin'ireo mpamokatra akoho sy atody no voatery nijanona. Nisy ny fifanatonana niarahan'ny fanjakana tamin'ireo mpisehatra, izay nentina nitady vaha olana mba hifehezana ny vidin'ny vokatra sy hitsinjovana ny mpanjifa ary hametrahana politika maharitra amin'ny famatsiana akora fototra"*, hoy Dr Raymond, Minisitra lefitra misahana ny fiompiana. Noraisin'ity Minisitra ity ohatra ny ezaka ataon'ny fanajakana amin'ny fanaovana laharam-pahamehana ny famokarana katsaka sy akora fototra hafa ao anatin'ny tetikasa "Titre Vert". Hiantohan'ny fanjakana ny tany sy ny masomboly ary ny zezika hampiasan'ireo tanora ao anatin'ity tetikasa ity mba hahafahana mampiroborobo ny famokarana provandy. Tonga nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny FEPA (Foire de l'Elevage et de la Production Animale) andiany fahefatra ambinifolo teny Nanisana ity minisitra lefitra miandraikitra ny fiompiana ity omaly, ary nananafy ny maha zava-dehibe ny fampirantiana ny vokatra avy avy amin'ny fiompiana, izay nomarihiny fa efa manana kalitao tsara sy tena tsiriritin' ny any ampitan-dranomsaina. Niantso ny mpanjifa malagasy koa ny tenany mba hanjifa ny vokatra malagasy.

**R. Muray**